**Andron'ny vavaka sy fifadian-kanina maneran-tany**

# Lohahevitra: Ireo mahery fon'ny fivavahana nanova izao tontolo izao

*Ireo vavaka izay manova antsika*

**Taridalana ho an'ny telovolana fahefatra**

Sabata, faha-05 Oktôbra

## Fa nahoana no nasiana ny androm-bavaka sy fifadian-kanina?

Alaivo sary an-tsaina hoe Ray aman-dreny eo am-pandaozana ny zanakao ianao, ary mahalala fa tsy hahita azy ireo intsony raha tsy efa any amin’ny fanjakan’ny lanitra. Inona no heverinao fa zava-manan-danja indrindra tokony horesahina amin’izy ireo?

Niatrika izany olana izany ihany koa i Jesôsy taorian’ny fanomboana Azy teo amin’ny hazo fijaliana, rehefa niomana hiverina ho any an-danitra Izy. Nanao ahoana ny lanjan’ny teny farany nataony tamin’ny mpianany? Rehefa mamaky ny vavaka farany sy ny torohevitra nataony ao amin’ny Jao. 15-17 isika dia mahita lohahevitra miverimberina: firaisana, fifankatiavana, ary fikatsahana an’Andriamanitra amin’ny alalan’ny vavaka. Nirin'i Jesôsy fatratra ny hahatonga ny fiangonany izay vao teraka tsy ela akory mba hiray ho amin’ny tanjona tokana sy ny firindrana tanteraka ary ny iraka tanterahina. Ankehitriny, eo anivon'izao tsy fitovian-kevitra sy fahasamihafan’ny foto-pinoana angamba tsy mbola nisy hatrizay, izay hita eo amin’izao tontolo izao, sy eny amin’ny firenen-tsamihafa, ary eo amin’ny fiangonana, dia tena ilaintsika tokoa ny manaraka ny torohevitr'i Kristy, mba hikatsaka ny Fanahiny ary hiara-mifantoka amin’ny iraka. Amin’ny maha-olombelona antsika dia toa mahakivy sy tsy azo tanterahina ny fahitana ny asa tokony hotontosaina. Izany no antony mahatonga antsika mila mivavaka mihoatra lavitra noho ny tamin’ny taloha rehetra, mba hisian’ny fahagagan’ny fampihavananana, izay Andriamanitra irery ihany no afaka mitondra azy.

Koa manasa anao izahay mba hivavaka “ao amin’ny mangingina”. Manasa anao izahay mba hiara-mivavaka amin’ny mpianakavin’ny finoana ao amin’ny fiangonanao. Ary manasa anao izahay mba handray anjara amin’ny hetsika maneran-tany ivavahana sy ifadiana hanina iarahana amin’ny Fifohazana sy Fanavaozana. Angamba tsy hisafidy ny hifady sakafo amin’ny fahafenoany ianao. Angamba hifady tsindrin-tsakafo na tambazotran-tserasera ianao, na koa zara raha hihinana sakafo mifototra amin’ny zava-maniry mandritra ny fotoana voafaritra. “Amin’izao fotoana izao sy amin’ny hoavy rehetra, mandra-pahatongan’ny fahataperan’ny fotoan’andro, dia tokony ho matotra kokoa sy hiala amin’ny torimasony ka hifoha kokoa ny vahoakan’Andriamanitra. Tsy tokony hitoky amin’ny fahendreny manokana izy ireo, fa hitoky amin’ny fahendren’ny Mpitarika azy. Tokony hanokana andro maromaro hifadian-kanina sy hivavahana izy ireo.” - Ellen G. White, Review and Herald, 11 Feb. 1904).

Hitahy sy hanatanjaka ny fonareo tokoa Andriamanitra eo am-piatrehana ny fihaikana manoloana rehefa misafidy ny hifantoka lalindalina kokoa amin'ny fivavahana ianareo.

Cindy Tutsch
Ny kômitin'ny fifohazana sy fanavaozana

# Soso-kevitra ho an'ny fandaharam-potoana

## Fandaharam-potoana ho an'ny tontolo andro

• Tafiditra ato anatin'ity taridalana ity ny fampaherezana na Toriteny: "Ireo vavaka izay manova antsika". Azo ampiasaina mandritra ny fotoan'ny fanompoam-pivavahana maraina izany, nefa azo ampiasaina koa hanaovana fampaherezana mialoha ny fotoana fiaraha-mivavaka.

• Raha toa ka ampiasaina mandritra ny fotoan'ny fanompoam-pivavahana maraina izany dia misy soso-kevitra ho amin'ny vakiteny avy amin'ny Soratra Masina sy tantara ho an'ny ankizy koa aroso etsy ambany.

• Misy soso-kevitra voavolavola ho amin'ny fotoam-pivavahana hariva ihany koa ato. Raha ny torohevitra avy aminay dia mba hanokanana adiny iray hatramin'ny adiny roa eo ho eo izany mba hamelana ny Fanahy Masina hitarika.

• Aoka hasaina ny mambran'ny fiangonana mba hiaraka hivavaka sy hifady hanina, anaovy dika mitovy dia zarao aminy herinandro mialoha farafaharatsiny ny tari-dalana fampahafantarana mba hahatakaran'izy ireo ny momba ny fifadian-kanina sy ny fivavahana ka hahafahany misafidy ny fomba handraisany anjara amin'izany mandritra ny fotoanan'ny fifadian-kanina.

**Vakiteny fototra avy amin'ny Soratra Masina:** Sal. 139:23,24

**Soso-kevitra ho amin'ny tantaran'ny ankizy:** *Daniela tao an-davaky ny liona (Dan. 6)*

*Ny hevi-dehibe tsindrina:*

• *Tena zava-dehibe tamin'i Daniela ny vavaka.*

• *Na dia namoaka didy aza ny mpanjaka fa hosazina izay olona mbola mivavaka na amin'iza na amin'iza afa-tsy amin'ny mpanjaka irery ihany, dia mbola nisafidy ny hivavaka tamin'Andriamanitra ihany i Daniela - na dia efa fantany mialoha aza fa mety hatsipy any an-davaky ny liona izy.*

*• Tsy niafina mihitsy i Daniela rehefa nivavaka; nosokafany ihany ny varavarankeliny, araka izay efa fanaony mahazatra rahateo.*

*• Tsy natahotra akory i Daniela satria natoky tanteraka an'Andriamanitra izy. Ny fivavahana isan'andro no nanampy an'i Daniela hitoky tanteraka tamin'Andrimanitra.*

*• Narovan'Andriamanitra tao an-davaky ny liona anefa i Daniela, ho fanehoana tamin'ny mpanjaka sy ny olona rehetra ny fahalehibeazan'ny herin'Andriamanitra.*

*• Tena voakasika tanteraka tamin'ny fahagagana nataon'Andriamanitra tokoa ny mpanjaka ka namoaka lalàna vaovao, izay nitaky ny rehetra hanaja ny Andriamanitr'i Daniela.*

*• Rehefa mivavaka isika dia mianatra mitoky amin'Andriamanitra.*

*• Ho hitan'ny olona fa mamaly ny vavaka ataontsika Andriamanitra ary izany no hanampy azy ireo hino an'Andriamanitra ihany koa.*

*Anontanio ny ankizy hoe iza no tiany hoentina amim-bavaka, dia manokàna fotoana fohy hiarahana mivavaka amin'izy ireo.*

## Toriteny/Fampaherezana

### Ireo vavaka izay manova antsika

Raha mangataka ny antom-bavaka mandritra ny fivoriam-bavaka manokana na mandritra ny fotoam-pivavahan'ny fiangonana ianao, dia mety hahatsikaritra fa toa mitovitovy avokoa ireo antom-bavaka rehetra entin'ny mambran'ny fiangonana: vavaka ho an'ny fahasalamana, ny asa, ny ara-bola, na ny fifandraisana. Mety ho tsikaritrao koa anefa fa misy zavatra banga, dia ireo antom-bavaka manokana any am-po lalina, momba ny ady ao anaty, ny tolona ara-panahy, na filàna fanampiana mba hiatrehana ny fisalasalana sy ny tahotra ary ny fahakiviana.

Moa ve mba mivavaka ho an'ny zavatra tena ilaintsika isika amin'ny fotoana mahairery antsika miaraka amin'Andriamanitra?
Moa ve mba mitolona amim-bavaka miaraka Aminy isika manoloana ireo ady manokana atrehintsika? Moa ve mba mangataka taridalana sy fahendrena avy Aminy ve isika? Moa ve isika mba miresaka Aminy toy ny amin'ny Sakaiza akaiky indrindra, momba ireo zavatra mitambesatra ao am-pontsika?

Tsy hoe natao hanova ny tontolo manodidina antsika fotsiny ny vavaka, fa natao hanova *antsika* mihitsy izany. Ny vavaka dia nokendrena ho fifampiresahana amin'Andriamanitra, izay mampitombo ny fitokisantsika Aminy sy mahatonga ny fifandraisantsika Aminy ho lalina kokoa. Amin'ny alalan'ny vavaka no hampiaiken'ny Fanahy Masina antsika ny fahotana sy ny fahamarinana (Jao. 6:8). Amin'ny alalan'ny vavaka no hitolomantsika mba hanolorantsika ny sitrapontsika ho an'Andriamanitra sy hitokisantsika ny drafiny. Ny vavaka no loharanon-pahasahiana sy tanjaka ara-panahy izay mipoitra rehefa mihady lalina kokoa isika ka mitsotra amin'Andriamanitra ireo fihaikana sy fanantenana ao anatintsika.

Takatr'i Davida tsara izany. "Lehilahy araka ny fon'Andriamanitra" (Asa 13:22) tokoa i Davida, izay nanonona vavaka tena izy sy mahitsy ary nikorontana koa aza indraindray – ny ankamaroany tamin'izy ireny dia noraketina ho antsika ao amin'ny bokin'ny Salamo. Miaramila mpiantafika nandresy lehilahy goavam-be izy, kanefa koa mpitolona amim-bavaka mahery fo, nitolona sy niady tao anatin'ny fony ihany. Mazàna i Davida no nanomboka ny vavaka nataony tamin'ny endrika fahakiviana, fisalasalana, ary tahotra, kanefa kosa teo ampamaranana ny vavaka nataony dia nahazo hery sy fanantenana ary fifaliana mihitsy aza izy. Ao amin'ny Sal. 13 dia nihiaka mafy tamin'Andriamanitra toy izao i Davida "*Mandra-pahoviana no mbola hanadinoanao ahy ihany Andriamanitra ô? Mandra-pahoviana no mbola hanafenanao ny tavanao amiko?*" Kanefa taorian'izany dia izao no nambarany, "*Fa raha izaho*

*kosa, dia ny famindramponao no itokiako; ho faly amin'ny famonjenao ny foko. Hihira ho an'i Jehovah aho, satria nanisy soa ahy Izy*" - and. 1,5,6.
Ireo resaka nifanaovan'i Davida tamin'Andriamanitra dia ohatra anehoana ireo vavaka izay manova antsika.

**Fiderana sy fisaorana.** "*Midira eo amin'ny vavahadiny amin'ny fisaorana ary eo an-kianjany amin'ny fideràna; misaora Azy, mankalazà ny Anarany*" - Sal. 100:4. Tsy nanomboka ny vavaka nataony tamin'ny fiderana sy fisaorana mandrakariva akory i Davida, saingy matetika izy no nanomboka ny Salamo nosoratany tamin'izany fomba izany. Nino ny herin'ny fiderana sy ny mozika izy. Taona maro taty aoriana, rehefa lasa mpanjakan'ny Isiraely i Sôlômôna zanany, dia nomen'i Davida toromarika ny Levita mba hanendry olona 4000 hidera an'Andriamanitra amin'ny zava-maneno izay namboariny, hoy i Davida, mba hiderana an'Andriamanitra (1 Tant. 23:5).

Ny fahazarana midera sy misaotra an'Andriamanitra dia mampitodika ny fifantohantsika amin'Andriamanitra sy manalavitra izany fifantohantsika izany amin'ireo olana mianjady amintsika. Raha toa ka misaotra Azy amin'ny zavatra rehetra (1 Tes. 5:18) araka izay ambaran'ny Apôstôly Paoly isika, dia hotsaroantsika mandrakariva ny hiandrandra fitahiana na dia sarotra aza ny toe-java-misy. Ary amin'ny alalan'ny fiderana an'Andriamanitra mandritra ny fahadisoam-panantenana no hahatsiarovantsika manokana hoe iza moa Andriamanitra ary inona no zavatra nampanantenainy antsika.

**Tsarovy.** Ny fisaorana sy ny fiderana dia manampy antsika koa hahatsiahy ny fomba nitantanan'Andriamanitra antsika hatrizay. Matetika mihitsy i Davida no namerina nitanisa ny fahatokian'Andriamanitra, dia izay efa nataony tamin'ny lasa (Sal. 66). Tsaroany ihany koa ny maha-Mpamorona an'Andriamanitra (Sal. 8), ny maha-Mpanafaka Azy (Sal. 18 sy 34), ny maha-Fialofana Azy (Sal. 28). Rehefa manokana fotoana hahatsiarovana ny fomba efa niainanao ny herin'Andriamanitra teo amin'ny fiainanao ianao, dia ho velona indray ny fanantenanao ary dia hisinda ny tahotra sy ny fisalasalana. Hanome hery hoentinao miatrika ny toe-javatra iainanao ankehitriny izany, satria fantatrao fa mikarakara anao tahaka izay efa nataony tamin'ny lasa Andriamanitra.

**Diniho aho.** Amin'ny iray amin'ireo vavaka tsara indrindra nataon'i Davida - ho fitantarana ny hoe iza moa Andriamanitra ary inona no efa nataony – dia manomboka izany amin'ny fanekena tahaka izao izy: "*Jehovah ô, efa nandinika ahy Ianao ka mahalala ahy*." Fanasana

an'Andriamanitra tahaka izao indray no amaranany izany: "*Diniho aho Andriamanitra ô! (…) Ary fantaro ny foko, izahao toetra aho ary fantaro ny eritreritro, ary izahao na misy lalana mampahory ato anatiko. Dia tariho amin'ny lalana mandrakizay aho.*" - Sal. 139:1,23,24. Eo anelanelan'izany dia mamerina mitanisa ny eritreritr'Andriamanitra momba azy i Davida. Misaina ny amin'i Davida mandrakariva Andriamanitra na aiza na aiza alehany. Efa nisaina ny momba azy nialohan'ny nisiany Izy. Nieritreritra ny hamorona an'i Davida sy hanoratra ny tantarany Izy. Izany no nahatonga an'i Davida hanambara hoe "*Mahatahotra sy mahatalanjona ny nanaovanao ahy*" – and. 14. Ny fitokisan'i Davida tamin'Andriamanitra no nanome herim-po azy hanasa an'Andriamanitra handinika azy ka hampiseho azy izay rehetra tokony hibebahany na hitolomany ao anatiny. Fantany ny eritreritr'Andriamanitra momba azy. Fantany fa tsy hamono azy amin'ny kapoka mihitsy Andriamanitra. Tia azy Andriamanitra ary tsy kisendrasendra mihitsy no namoronany azy fa tena tamin'ny nahim-pony, ka hampahafantariny an'i Davida izay rehetra tokony hovaina eo amin'ny fiainany.

Mety hampatahotra izany hoe miantso an'Andriamanitra handinika antsika sy haneho amintsika ny fahotantsika izany. Maro amintsika no tsy mankafy ny fijerena ny fikorontanana sy ny fahalemena ao anatin'ny fo sy ny saintsika, kanefa isika koa dia tokony hanasa an'Andriamanitra handinika ny fontsika sy haneho amintsika izay rehetra mijoro hampisaraka antsika sy ny sitrapony tonga lafatra. Mandresy lahatra antsika amim-pitiavana sy amim-pahalemem-panahy Andriamanitra ary manasa antsika mba hamela Azy hanova antsika sy hanohy ny asa efa natombony tao anatintsika. Tsy hiampanga antsika na oviana na oviana Andriamanitra, ary tsy hanao izay hahamenatra antsika na hahatsiarovantsika ho meloka. Fomba fiadin'ny fahavalo izany. Fa amim-pahalemem-panahy kosa no hilazan'Andriamanitra ny marina sy hanasany antsika ho amin'ny zavatra tena tsara indrindra.

**Fiaiken-keloka.** Rehefa nahariharin'i Natana an'i Davida ny fahotany noho ny fijangajangana nataony, dia tsy nanda izany i Davida. Tsy nanala tsiny izany na nanadio tena izy. Tsy navelany hanapotika azy ihany koa anefa ny halehiben'ny fahotany, na koa nahatonga azy hahatsapa ho toy ny tsy azo avela heloka intsony. Tsy niezaka ny hanao izay hampitoniana an'Andriamanitra izy. Fantany mantsy fa tsy izany no tadiavin'Andriamanitra. "*Fa tsy fanatitra no sitrakao; raha izany dia nomeko ihany. Ny fanatitra dorana tsy mahafaly Anao. Ny fanatitra ho an'Andriamanitra dia fanahy torotoro; ny fo torotoro sy mangorakoraka, Andriamanitra ô, tsy mba ataonao tsinotsinona*." - Sal. 51:16,17. Nandresy lahatra azy ny tenin'ny mpaminany ary nitarika azy ho amin'ny fibebahana. Nitodika tamin'Andriamanitra tamin'ny fiaiken-keloka izy, ary nangataka an'Andriamanitra, tsy hoe hamela heloka fotsiny, fa hamorona fo madio ao

anatiny mihitsy sy hanavao ny fanahiny hiorina mafy ao anatiny. Tena nitoky tamin'ny fitiavan'Andriamanitra azy i Davida hany ka fantany fa hamela ny fahotany Andriamanitra. Ny maha-mpanota tsinontsinona azy sy ny halalin'ny fitiavan'Andriamanitra azy no nitarika an'i Davida teo amin'ny toeran'ny fibebahana.

Ilaintsika ihany koa ny miaiky ny fahotantsika raha mbola mandresy lahatra antsika ny amin'izany Andriamanitra. Tsy hanala tsiny ny tenantsika na hiezaka hamaha ny fahotantsika samirery isika, fa hiaiky heloka amin'Andriamanitra sy hanaiky ny fahalementsika sy ny tsy fahafahantsika manampy ny tenantsika hiova. Rehefa izany dia hanasa an'Andriamanitra isika mba hanatanteraka ny fanovana. Marina fa tsy maintsy miara-miasa Aminy isika, nefa Andriamanitra mihitsy no miasa ao anatintsika ka manome antsika "*na ny fikasana na ny fanaovana hahatanteraka ny sitrapony*" - Fil. 2:13.

**Fanampiana.** "*Jehovah ô, henoy ny teniko; fantaro ny eritreritro. Henoy ny feon'ny fitarainako, ry Mpanjakako sy Andriamanitro ô; fa Hianao no ivavahako. Jehovah ô, maraina no handrenesanao ny feoko; Maraina no hivavahako aminao, ka hanandrandra aho. Fa tsy Andriamanitra mankasitraka izay ratsy Hianao; tsy hitoetra aminao ny ratsy. Tsy hahazo mijanona eo imasonao ny mpirehareha; halanao ny mpanao ratsy rehetra*." - Sal. 5:1-3. Niandrandra ny fanampiana sy ny fitarihana avy tamin'Andriamanitra i Davida. Izao no vavaka nataony: "*Ampahafantaro ny lalanao aho, Jehovah ô; ampianaro ny sitrakao aho. Tariho amin' ny fahamarinanao aho, ka ampianaro; fa Hianao no Andriamanitry ny famonjena ahy; Hianao no andrasako mandritra ny andro*." - Sal. 25:4,5. Tena nino i Davida fa hamaly Andriamanitra rehefa mangataka izy. "*Isaorana anie Jehovah, fa efa nihaino ny feon'ny fifonako Izy. Jehovah no heriko sy ampingako; izy no nitokian'ny foko, ka voavonjy aho; dia mifaly ny foko*." - Sal. 28:6,7.

Nahalala koa i Jakoba fa rehefa mila fanampiana sy fahendrena isika dia vonona ny hamaly mandrakariva Andriamanitra. "*Ary raha misy hianareo tsy manam-pahendrena, aoka izy hangataka amin'Andriamanitra, Izay manome malalaka ho an'ny olona rehetra sady tsy mandatsa; ary dia homena azy izany*." – Jak. 1:5. Kanefa manohy amin'ny alalan'ny fampitandremana i Jakoba manao hoe "*Nefa aoka hangataka amin'ny finoana izy ka tsy hiahanahana akory; fa izay miahanahana dia toy ny alon-dranomasina entin'ny rivotra ka atopatopany. Fa aoka tsy hanampo handray zavatra amin'ny Tompo izany olona izany*." – Jak. 1:6,7. Manasa antsika Andriamanitra mba hangataka Aminy nefa koa mba *hino* fa hamaly ny vavaka ataontsika Izy.

Matetika loatra isika no mandre fa na Andriamanitra miteny hoe eny na tsia na angamba. Mety hanova ny fomba fijerintsika ny mahatsapa fa miteny mandrakariva Andriamanitra hoe: "Eny, ity misy mihoatra noho izany avy Amiko". Aza mieritreritra hoe: "Tena tsy mamaly Andriamanitra, na tena miteny Izy hoe tsia, satria tsy araka izay nangatahiko ny fandehan-javatra". Aza mieritreritra izany fa diniho ny fomba anehoan'Andriamanitra ny Tenany ao anatin'ny toe-javatra na amin'ny alalan'izany. Nandraman'i Davida avokoa ny famindrampon'Andriamanitra, ny fanampiany, ny faniniany, ny fikarakarany, ary na ny fahanginany koa aza, saingy nino mandrakariva izy fa nihaino azy Andriamanitra.

Indraindray dia manampy antsika Andriamanitra amin'ny alalan'ny fanovany ny toe-javatra, na ny fanasitranany aretina, na ny fanomezany izay ilaina. Indraindray koa manampy antsika Izy amin'ny alalan'ny fanomezana antsika faharetana na herim-po hanohizana ny diantsika eo amin'ny lalan-tsarotra. Manolotra ny heriny sy ny fiadanany Andriamanitra amin'ny fotoana tsy anovany ny toe-javatra. Mitombo amin'ny fomba izay manampy antsika hiatrika ny fihaikana manaraka ny fiarahantsika mandeha Aminy.

**Fahitsiana**. Nahitsy tamin'Andriamanitra i Davida. Namboraka ny tao am-pony izy. Kanto ny teniny indraindray, fa indraindray kosa izany mety hahatonga antsika hanontany hoe: "Tena izany tokoa ve? Tsy mampaninona an'Andriamanitra ve ny olona mametra-panontaniana tahaka izao na koa mangataka Azy mba hamongotra fahavalo iray?" Matetika no hatsaraintsika amin'ny tenim-pahalalam-pomba sy zavatra ankapobeny ny vavaka ataontsika, tahaka ny fangatahana "fitahiana mandritra ny dia" na ny "hitahian'Andriamanitra ny tanana" izay nikarakara ny sakafo. Ilaintsika ny manaja an'Andriamanitra sy mahatsapa fa Izy no Mpanjakan'izao tontolo rehetra izao. Ilaintsika koa anefa ny mahatsapa fa manasa antsika Izy mba hanatona *amin'ny fahasahiana* ny seza fiandrianany. Tsy tiany hiafina Aminy isika. Rehefa ataontsika mahalala fomba sy "masina" ny vavaka ataontsika, dia tsy manasa an'Andriamanitra ho ao amin'ny toerana maizina indrindra misy antsika isika, na dia mitolona amin'ny fisalasalana sy ny tahotra aza isika. Ny zava-misy dia *mahafantatra* izay eritreretintsika sy tsapantsika Andriamanitra. Miandry antsika amim-paharetana Izy mba hahitsy Aminy ka hamboraka tanteraka eny fa na dia ireo ampahany henjana amin'ny fontsika sy ny saintsika aza – ary hanasa Azy mba hanova azy ireny.

Lehibe Andriamanitra ka afaka hifehy ny ahiahinao sy ny tahotrao ary ny fahatezeranao. Lazao Azy amim-pahitsiana rehefa mitolona ianao, eny fa na rehefa mitolona Aminy aza. Manokatra varavarana ho Azy izany mba hahafahany mamaly anao amin'ny alalan'ny herim-po sy ny fanasitranana. Rehefa mody milaza isika fa tsy manana olana, dia manaratsy sy manimba ny fifandraisantsika Aminy ny fahangidiana.

**Fitolomana.** Matetika ny mpanao Salamo no manomboka ny vavaka ataony amin'ny fanontaniana na amin'ny fahatezerana mihitsy aza, ka miantso an'Andriamanitra izy mba hamaly izany. Toa henjana kely ihany izy ireny indraindray. "*Jehovah ô, henoy ny fivavako, Ary aoka hankeo aminao ny fitarainako. Aza manafina ny tavanao amiko amin' ny andro fahoriako (...). Fa levon-ko setroka ny androko ary ny taolako mahamay tahaka ny forohana. Taninina tahaka ny ahitra ny foko ka malazo; Fa hadinoko na dia ny fihinanan-kanina aza. Noho ny fisentoan' ny foko Ny taolako miraikitra amin' ny hoditro*." – Sal. 102:1-5.

Naharitra tao anatin'ny eritreriny sy ny fihetsehampony ary ny adiny i Davida. Nitolona tamin'Andriamanitra tao anatin'ny vavaka izy, mandra-pahatongany teo amin'ny toerana nahitany toky sy fanantenana. "*Jehovah ô, mandra-pahoviana no mbola hanadinoanao ahy ihany? Mandra-pahoviana no mbola hanafenanao ny tavanao amiko? Mandra-pahoviana no mbola hisaintsainako am-panahy, sy hahalahelovako am-po isan-andro? Mandra-pahoviana no mbola hisandratan'ny fahavaloko ho amboniko? Jereo aho ka valio, Jehovah Andriamanitro ô; ampahazavao ny masoko, fandrao renoky ny torimaso fahafatesana aho; fandrao ny fahavaloko hanao hoe: 'naharesy azy aho', fandrao hifaly ny rafilahiko, raha mangozohozo aho. Fa raha izaho kosa, dia ny famindramponao no itokiako; ho faly amin' ny famonjenao ny foko. Hihira ho an' i Jehovah aho, satria nanisy soa ahy Izy*" – Sal. 13:1-6.

**Fifantohana amin'Andriamanitra.** Ny vavaka dia nanampy an'i Davida hampifantoka ny eritreriny ho amin'Andriamanitra fa tsy amin'ny fihaikana atrehiny na ny nofinofiny koa aza. Nampahatsiahiviny tsy ankiato ny tenany fa mbola *hanantena* indray izy satria azo itokiana Andriamanitra. Indraindray tokoa izy tsy nijery an'Andriamanitra nandritra ny fotoana fohy, saingy niziriziry mandrakariva tamin'ny fifantohana tamin'Andriamanitra indray izy. Tsapany ny filany an'Andriamanitra sy ny fiankinany Taminy (Sal. 55:22). Nitantara ny teny fikasana nataon'Andriamanitra sy ny famindrampony ary ny fahatokiany izy (2 Sam. 7:21-29). Nidera an'Andriamanitra izy ary nampahatsiahy ny tenany fa natoky an'Andriamanitra izy (Sal. 6; 7; 11; 13; 16; 17).

Mihoatra ny salamo telopolo no manondro an'Andriamanitra ho fialofana, ary fantatr'i Davida fa ny fanatrehan'Andriamanitra dia toerana azony niafenana, nahavoaro azy, nahazoany fiadanana, ary nahitany fanantenana sy fifaliana indray, na dia rehefa tsy sasatra ny nanenjika azy aza ny fahavalo. Mety tsy manana fahavalo hita maso izay manenjika antsika tahaka izay nananan'i Davida isika, saingy isika koa manana fahavalo tsy mety sasatra izay mikendry ny handrapaka antsika (1 Pet. 5:8). Irin'ny fahavalontsika ny hangalatra sy hanafoana ary hanimba ny fahitantsika an'Andriamanitra sy ny fiadanantsika ary ny fahitantsika ny

tenantsika. Milaza amintsika anefa ny Jao. 10:10 fa tonga i Jesôsy mba hanome antsika fiainana be dia be. Fanantenana. Fiadanana. Fifaliana. Fikasana. Amin'ny fitodihantsika sy fifantohantsika amin'Andriamanitra irery ihany no ahafahantsika miaina eto amin'ity tany ity.

Rehefa mamaky ny Salamo ianao, dia ho tsikaritrao fa Andriamanitra no lohahevitra miverimberina ao. Nivavaka niaraka tamin'ny fifantohana tamin'Andriamanitra i Davida, fa tsy tamin'ny olana na tamin'ny tenany na tamin'ireo zavatra nahafeno fankasitrahana azy aza.

**Famaranana**

Maniry ny ho tonga olona araka ny fon'Andriamanitra tahaka an'i Davida ve ianao? Atombohy amin'ny fitadiavana an'Andriamanitra amin'ny fonao rehetra ny ezaka ataonao. Mivavaha amim-pahitsiana, ka tolomy miaraka amin'ny fifantohanao amin'Andriamanitra ny zava-tsarotra rehetra – tolomy miaraka amin'ny hoe iza moa Andriamanitra, inona no nampanantenainy, ary ahoana no efa itarihany anao sahady. Ampahatsiahivo ny tenanao fa Izy dia Andriamanitra azo itokiana – ary ho amin'ny mahasoa anao ny fony sy ny drafiny.

## Fandaharam-potoan’ny vavaka amin’ny folakandro

**Toerana**: Mivoria ao am-piangonana, na ao amin’ny efitrano iray mampahazo aina, mangingina sy tsy misy manelingelina raha toa ka kely ny tarikareo.

**Fanokafana:** Manampy mandrakariva amin’ny fanasana ny olona ho amin’ny fiankohofana sy hifantoka ny mozika. Koa atombohy amin’ny hiram-piankohofana vitsivitsy ny fotoana mba hanaingana fanajana sy fahasahiana hitady an’Andriamanitra.

**Fiarahabana:** Tokony hiarahaba ny olona sy hizara toromarika vitsy ny mpitarika:

• Fotoam-bavaka sy fitadiavana an’Andriamanitra ity.

• Tsiambaratelo avokoa ny zavatra hozaraina ato ka tsy tokony hotantaraina any ivelan’ny efitrano.

• Mihoatra noho ny tenintsika fotsiny ny vavaka. Takio ny Soratra Masina ary avereno amin’Andriamanitra amim-bavaka ny teny fikasana nomeny. Hirao ny andininy iray na roa amin’ny hira iray, ka mandray anjara amin’izany avokoa ny rehetra.

• Aoka hahazo aina. Aoka hahatsiaro ho afaka manova malalaka ny fitoetra – mipetraka, mandohalika, sns.

• Aza alaina mialoha ny antom-bavaka. Hazavao fa fotoana hivavahana ity fa tsy hiresahana, ka hoentina amim-bavaka mandritra ny fotoam-bavaka ny antom-bavaka, fa tsy horesahina mialoha.

• Rehefa misy olona mivavaka ho amin’ny zavatra ilaina na ho an’ny olona iray, dia hasaina ny hafa mba hiombona amin’izany antom-bavaka izany ka hanandratra amin’ny feo mafy ilay zavatra ilaina na ilay olona. Misy hery ao anatin’ny fandrenesana ny hafa mivavaka ho amin’ny zavatra ilaina na olona ao am-ponao.

• Satria hifantoka misimisy kokoa amin’ny olon-kafa ny vavaka hasandrantsika amin’ity folakandro ity, dia ampahatsiahivo ireo mpandray anjara fa fotoana hivavahana izany fa tsy fotoana hifosafosana sy hiresahana fiainan’olona. Tsy ilaina akory ny hitantara ny tsipirian-javatra na ny tsiambaratelon’ny hafa.

• Ny lohahevitra amin’ny folakandro dia hoe “Ireo vavaka izay manova antsika.” Ny ohatra nasehon’i Davida ao amin’ny Salamo no horaisintsika, ka hivavaka mahakasika ny fanantenantsika sy ny tahotra atrehantsika ary ireo fihaikana manoloana antsika isika, kanefa koa hivavaka ho an’izay zavatra ilain’ny ankohonana sy ny mambran’ny fiangonantsika.

***Fanamarihana manokana ho an'ny mpitarika:***

• *Tadidio fa mety tsara ny fahanginana mandritra ny fotoana ivavahana. Aza alaim-panahy ho voatery hameno ny fotoam-pahanginana rehetra na koa hamarana mialoha ny fotoam-bavaka rehefa misy fahanginana. Raha misy olona izay mihazakazaka sy mivavaka amin'ny fomba haingana kokoa, dia misy koa ireo olona izay mila fotoana lavalava kokoa vao mahazo aina hivavaka amin'ny feo mafy. Raha misy fahanginana dia aoka hohazonina izany. Manisà segondra vitsy, na dia 30 segondra monja aza raha toa ka tsy dia mahazo aina amin'ny fahanginana ianao, mba hahafahan'ny Fanahy Masina mikasika sy manentana ny tsirairay.*

• *Raha toa ka tsy manana fahazarana miara-mivavaka ao anaty vondrona ny fiangonanao, na koa tsy zatra mamaky Soratra Masina sy mihira mandritra ny fotoana anandratana ny vavaka, dia mety hilainao ny manome ohatra amin'ny fitarihana izany. Azonao atao koa ny manendry mialoha olona iray afaka hanome ohatra eo amin'ny fitarihana izany, ka hamaky amim-pivavahana ny Tenin'Andriamanitra na hitarika hira eny anelanelan'ny fotoana ivavahana. Marina fa ny hananana fotoana ivavahana no zava-dehibe indrindra, kanefa fotoana fanararaotra koa io mba hahafahana mampianatra ny olona ny fomba iarahana mivavaka ao anaty firindrana.*

**Fotoam-bavaka:** Omena ho amin'ny fotoam-bavaka ilay taridalana hoe "Ireo vavaka izay manova antsika". Tokony hampandraisin'ny mpitarika anjara ny mambra mandritra ny vavaka ka io taridalana io no ampiasaina.

**Famaranana**: Fiderana sy fisaorana no amaranan'ny taridalana ny fotoam-bavaka. Farano amin'ny hira iray na roa mifantoka amin'ny fiderana an'Andriamanitra ny fotoana amin'ny folakandro.

*Misy fiangonana sasany misafidy ny hiara-misakafo aorian'ny fotoana fiaraha-mivavaka mba ho famaranana ny fifadian-kanina. Aoka anefa ho tsotra izany sakafo izany, fa azo atao kosa ny manome endrika manintona ny latabatra mba hitondra rivo-piainana mahafinaritra.*

## Fanoritsoritana sy taridalana momba ny vavaka:

## Ireo vavaka izay manova antsika

**Fanokafana:** Atombohy amin'ny alalan'ny fanokanana ny fotoam-bavaka ho an'Andriamanitra ny fandaharam-potoana. Asao Andriamanitra mba haneho ny heriny sy ny fahefany, ka hanetsika ny fo, handresy lahatra, hampahery, hanova, ary hanamafy orina. Asao ny hafa mba hanao vavaka fanokanana sy fanoloran-tena, ka hanolotra amin'ny fahafenoany ny fotoana ho an'Andriamanitra sy hangataka ny fitarihany. Angataho Andriamanitra mba hanampy antsika hiankohoka Aminy amin'ny fahamarinana ka hianatra ny hitoky Aminy manoloana ny ady tsirairay atrehintsika.

**Ampahatsiahivo ny ady.** Ampahatsiahivo ny mpandray anjara rehetra fa misy fahavalo izay mitady ny hamotika antsika. Isika dia tafiky ny fivavahana, miombon'antoka amin'Andriamanitra mba hiady, tsy ho amin'ny famonjena ny hafa fotsiny, fa mba hitolona ho amin'ny famonjena antsika koa. Raha mbola mikendry ny hangalatra sy hamono ary hamotika ny fahavalo, Andriamanitra kosa mampanantena fiainana be dia be, sy fiadanana izay mihoatra noho ny fahalalana rehetra, ary fifaliana feno.

**Mihirà.** Satria ny ampahany betsaka amin'ny fotoam-bavaka amin'ity folakandro ity dia holaniana amin'ny vavaka mangina ataon'ny isam-batan'olona, dia mety ho tianareo ny hihira eny anelanelan'ny fizarana tsirairay amin'ny vavaka. Mifidiana hira fiderana iray na roa izay mifanaraka amin'ny lohahevitra ao amin'ny fizarana manaraka (fiderana, fitadiavana an'Andriamanitra, fiaiken-keloka, sns.).

**Fiderana sy fisaorana.** "*Midira eo amin' ny vavahadiny amin'ny fisaorana, ary eo an-kianjany amin'ny fiderana; misaora Azy, mankalazà ny anarany*" - Sal. 100:4. Aza atao maimaika ity fotoana ity. Manokàna fotoana betsaka ho amin'izany, mba hahatsapantsika fa mampifantoka ny eritrerintsika ho eo amin'Andriamanitra indray ny fiderana.

• Asao ny olona mba hizara teny iray izay manoritsoritra ny toetran'Andriamanitra, na teny fikasana nomen'Andriamanitra izay mahafeno fankasitrahana azy ireo (Aoka hisy fotoana fahanginana hahafahan'ny olona mieritreritra. Ny sasany mety mila miato mandritra ny fotoana fohy mba hilomanosana tsara ao anatin'ny resadresaka.)

• Rehefa izany dia asao indray ny olona hanonona fehezan-teny ho fisaorana an'Andriamanitra noho ny zavatra manokana nataony na nomeny.
• Farano ity fizarana ity amin'ny fanasana ny mpandray anjara hifampizara izay mba anarana tiany amin'ny fomba manokana iantsoana an'Andriamanitra, toy ny hoe Mpamorona (Sal. 8), Mpanafaka (Sal. 18 sy 34), na Fialofana (Sal. 28).

Azonareo atao ny manomboka ny fizarana manaraka amin'ny alalan'ny hira fangatahana an'Andriamanitra handinika ny fo, hira iray na roa dia mety.

**Fotoam-pandinihana.** "*Diniho aho, Andriamanitra ô, ary fantaro ny foko; izahao toetra aho, ary fantaro ny eritreritro; ary izahao na misy làlana mampahory ato anatiko, dia tariho amin'ny làlana mandrakizay aho*." - Sal. 139:23,24.

Fotoan'ny vavaka mangina ataon'ny isam-batan'olona ity. Manokàna minitra maromaro. Mety ho zava-baovao amin'ny mpandray anjara izany. Amin'ny voalohany dia mety tsy hahazo aina amin'ny fangatahana na ny fihainoana ny fampaneken'Andriamanitra ny fahadisoany ny sasany. Ampahatsiahivo azy anefa fa azon'i Davida natao ny nangataka an'Andriamanitra handinika ny fony satria natoky ny fitiavan'Andriamanitra azy sy ny fikasany ho azy i Davida. Fanatany fa tsy hanala baraka azy Andriamanitra fa hitarika azy ho amin'ny fanasitranana sy fahadiovana ary ny fahamasinana.
• Asao ny mpandray anjara mba hanokana ny minitra vitsivitsy manaraka amin'ny vavaka mangina ka hangataka an'Andriamanitra handinika ny fony ka haneho aminy izay zavatra mijoro hampisaraka azy amin'ny sitrapon'Andriamanitra.
• Ampirisiho izy ireo hivavaka amin'ny finoana, ka hatoky tanteraka fa hampanaiky azy ny fahotany Andriamanitra fa tsy hanala baraka azy – hitondra herim-po fa tsy fahamenarana Izy.

**Fiaiken-keloka. "***Fa tsy fanatitra no sitrakao; raha izany dia nomeko ihany; ny fanatitra odorana tsy mahafaly Anao. Ny fanatitra ho an'Andriamanitra dia fanahy torotoro; ny fo torotoro sy mangorakoraka, Andriamanitra ô, tsy mba ataonao tsinontsinona*." - Sal. 51:16,17.
• Aorian'ny 10-15 minitra, dia mitenana ka asao ny olona mba hiaiky ao anatin'ny fahanginana fa ota tokoa ireo zavatra izay nampaneken'Andriamanitra azy ireo. Ampahatsiahivo azy ireo fa tsy fotoana fialan-tsiny izao fa fotoan'ny fiaiken-keloka fotsiny.
• Asao izy ireo mba hangataka an'Andriamanitra "hamorona fo madio" sy "hanavao ny fanahiny hiorina mafy ao anatiny", ary hino fa Andriamanitra dia te hanao mihoatra noho ny

famelan-keloka fotsiny. Te hanadio sy hanova ny fo Izy, mba tsy hahalavo antsika fanindroany amin'izany ota izany intsony.

• Ampirisiho izy ireo hangataka an'Andriamanitra hanova azy sy hanolotra azy "na ny fikasana na ny fanaovana hahatanteraka ny sitrapony" – Fil. 2:13.

Hiram-pisaorana iray na roa no tsara atao hampidirana amin'ny endrika kanto ny fizarana manaraka amin'ny fotoam-bavaka.

**Fanelanelanana ho an'ny tena manokana.** "*Jehovah ô, henoy ny teniko; fantaro ny eritreritro. Henoy ny feon'ny fitarainako, ry Mpanjakako sy Andriamanitro ô; fa Hianao no ivavahako. Jehovah ô, maraina no handrenesanao ny feoko; maraina no hivavahako aminao, ka hanandrandra aho.*" - Sal. 5:1-3.

Betsaka ny olona izay havanana kokoa rehefa hivavaka ho an'ny hafa noho ny hoe hivavaka ho an'ny tenany. Indraindray mantsy dia tsy te hiatrika ny eritreritsika sy ny fontsika fotsiny tsotra izao isika. Noho izany dia tsara ny manomboka ity fizarana ity amin'ny fampahatsiahivana ny mpandray anjara fa hivavaka ho an'ny tenany ny tsirairay anio.

• Raha mandresy lahatra Andriamanitra ary isika kosa miaiky heloka, dia ho rava ny rindrina natsangantsika ka nampisaraka antsika tamin'Andriamanitra. Izao no fotoana anontaniana hoe: *inona ny manaraka?* Izao no vavaka nataon'i Davida, "*Ampahafantaro ny lalanao aho, Jehovah ô; ampianaro ny sitrakao aho. Tariho amin' ny fahamarinanao aho, ka ampianaro; fa Hianao no Andriamanitry ny famonjena ahy; Hianao no andrasako mandritra ny andro*." - Sal. 25:4,5. Asao hivavaka mangina ny olona, ho fangatahana an'Andriamanitra mba haneho ny sitrapony ho azy ireo. Angataho Andriamanitra mba hampianatra sy hanoro ary hitari-dalana azy ireo.

• Ampahatsiahivo ny olona mba hahitsy amin'Andriamanitra. Angamba mety mitolona amin'ny tahotra na ny fisalasalana na ny fahatezerana izy ireo. Ekeo amim-pahanginana sy amin-kitsim-po amin'Andriamanitra izany. Ampirisiho izy ireo mba hamboraka amin'Andriamanitra izay rehetra eritreretiny sy tsapany, rehefa izay dia hanankina izany rehetra izany amin'Andriamanitra. Ampahatsiahivo azy ireo fa raha tsy efa natolotsika manontolo ho an'Andriamanitra ny zavatra rehetra, vao afaka hanasitrana sy hanome fanantenana ary hitondra fiadanana eo amin'io faritry ny fiainantsika io Andriamanitra.

• Aorian’ny minitra fohy anaovana vavaka mangina, dia ampirisiho izy ireo hanao vavaka maneho fatokiana an’Andriamanitra — izay anehoany ny fatokiany sy ny fanoloran-tenany amin’Andriamanitra. Raha mbola mitolona izy ireo eto, dia entano izy ireo hitalaho an’Andriamanitra mba hanatanjaka ny fatokiany, tahaka ny nataon’ilay rain’ilay zazalahy azon’ny fanahin’ny demonia izay nivavaka hoe: “*Tompo ô, mino aho, vonjeo aho ho afaka amin’ny tsy finoako*!” – Mar. 9:24.

• Aorian’ny minitra maromaro hafa indray dia entano ny olona mba handinika ireo antom-bavaka izay notononiny nandritra ny fotoana ela. Mety efa nino izy ireo fa tsy mamaly vavaka Andriamanitra na koa tsy miahy ny momba azy. Asao izy ireo hiresaka ny amin’izany amin’Andriamanitra ka hilaza Aminy ny adim-pinoana ao anatiny momba ny fiahian’Andriamanitra azy sy ny famaliany ny vavaka ataony. Angataho Andriamanitra mba haneho ny Tenany eo amin’izany lafiny izany. Mety hampahatsiahy tenin’ny Soratra Masina ny Fanahy Masina. Takio izany teny fikasana izany. Ireo no lafin-javatra itolomantsika amin’Andriamanitra. Manaova tahaka izay nataon’i Jakôba, ka aza avela handeha Andriamanitra raha tsy efa nitahy Izy.

• Nino i Davida fa hihaino sy hamaly ny vavaka nataony Andriamanitra. “*Isaorana anie Jehovah, fa efa nihaino ny feon’ny fifonako Izy. Jehovah no heriko sy ampingako; Izy no nitokian’ny foko, ka voavonjy aho; dia mifaly ny foko*” - Sal. 28:6,7.

Asao ny mpandray anjara mba hamarana amin’ny feo mafy ity ampahany amin’ny fotoam-bavaka ity, ka hisaotra an’Andriamanitra noho ny fihainoany sy ny famaliany ny vavaka araka ny sitrapony. (Tapitra ny ampahany mangina amin’ity fotoam-bavaka ity!) Omeo fotoana ny olona hivavahana. Asio fotoam-pahanginana handalo koa raha eo am-pihainoana ny olona ka hitafy fahasahiana mba hivavahana amin’ny feo mafy.

**Fifantohana amin’Andriamanitra.** “*Hanandratra Anao aho, ry Andriamanitro Mpanjaka ô, sy hankalaza ny anaranao mandrakizay doria. Hankalaza Anao isan'andro aho sy hidera ny anaranao mandrakizay doria. Lehibe Jehovah ka tokony hoderaina indrindra; Ary tsy takatry ny saina ny fahalehibiazany.”* - Sal. 145:1-3.

*Misaora an'i Jehovah, ry fanahiko; ary izay rehetra ato anatiko, misaora ny anarany masina.*
*Misaora an'i Jehovah, ry fanahiko; Ary aza misy hadinoinao ny fitahiany rehetra,*
*Izay mamela ny helokao rehetra,*
*Izay manasitrana ny aretinao rehetra,*
*Izay manavotra ny ainao tsy hidina any an-davaka,*

*Izay manarona famindram-po sy fiantrana anao,*
*Izay mahavoky soa ny vavanao;*
*Ny fahatanoranao mody indray toy ny an'ny voromahery.* (Sal. 103:1-5)

Nifantoka tamin'Andriamanitra i Davida raha niaina sy nivavaka ary nitolona tamin'ny fiainana. Nampahatsiahiviny tamin'ny tenany tsy ankiato sy tamin'ny fomba tsy miovaova ny fahalehibeazan'Andriamanitra sy ny fahatsarany ary ny fitiavany. Hanampy antsika hiaina amin-kerim-po ombam-panantenana sy fiadanana ary fifaliana ny fifantohana mandrakariva amin'Andriamanitra. Azontsika atao ny mihazona io fifantohana io amin'ny alalan'ny fitanisana ireo andinin-tSoratra Masina izay mitantara hoe iza moa Andriamanitra, inona no nataony, ahoana no nitarihany antsika, ary inona avy no nampanantenainy.

Andao hofaranantsika amin'ny fifantohana indray amin'Andriamanitra mandritra ny minitra vitsy ity fotoam-bavaka ity. Asao ny mpandray anjara mba hizara ny andinin-tSoratra Masina tiany indrindra izay maneho hoe iza moa Andriamanitra, na koa ny teny fikasana ao amin'ny Baiboly tiany indray, na koa fijoroana ho vavolombelona momba ny fomba nitahian'Andriamanitra azy. Aoka ho fotoam-pizarana ity, fa tsy ho fotoana hanakimpiana ny maso sy handohalehana, fa ho fotoam-pifaliana sy fiarahana misaintsaina ny amin'Andriamanitra.

Farano amin'ny hira maro izay maneho ny fanantenantsika ny amin'ny fiverenan'i Kristy sy ny fonenana any an-danitra izay miandry antsika ity fizarana ity. Hira manainga tokoa ny hoe: "Ao am-ponay izao ny fanantenana".

## Fanasana hifady hanina sy hivavaka

"Amin'izao fotoana izao sy amin'ny hoavy rehetra, mandra-pahatongan'ny fahataperan'ny fotoan'andro, dia tokony ho matotra kokoa sy hiala amin'ny torimasony ka hifoha kokoa ny vahoakan'Andriamanitra. Tsy tokony hitoky amin'ny fahendreny manokana izy ireo, fa hitoky amin'ny fahendren'ny Mpitarika azy. Tokony hanokana andro maromaro hifadian-kanina sy hivavahana izy ireo. Mety tsy ho takina ny fifadiana sakafo amin'ny fahafenoany, saingy tokony ho zara raha hihinana sakafo faran'izay tsotra indrindra izy ireo" - *Counsels on Diet and Foods*, tt. 188-189.

"Tsy safidy ny fifadian-kanina ao amin'ny Baiboly. Baiko nomena izany. Tsy milaza ny Mat. 6:17 hoe: 'Raha toa ka mifady hanina ianao', fa hoe 'Rehefa mifady hanina ianao' (Dikanteny Iombonana Eto Madagasikara). Ampahany tamin'ny fomba fiainan'ny mpino mandrakariva ny fifadian-kanina, dia tahaka ny fivavahana sy ny fandinihana ny Baiboly ihany. Nifady hanina tokoa mantsy ireo mpandray anjara fototra lehibe rehetra ao amin'ny Baiboly. (…) Raha mandinika ireo fifadian-kanina rehetra ao amin'ny Baiboly ianao, dia ho hitanao fa isaky ny nivavaka sy *nifady hanina* ny vahoakan'Andriamanitra, dia niasa tamin-kery ho azy ireo Andriamanitra. Mahita endri-javatra mitovy isika teo amin'ny fanafahana azy ireo tamin'ny fahavalony nandritra ny ady; teo amin'ny fanafahana azy ireo tamin'ny fomba mahagaga avy tao am-ponja; tamin'ny firotsahan'ny Fanahy Masina tamin'ny Pentekôsta, sns. Ary miverimberina foana nandritra ny tantaran'ny Kristianina nifandimby io endri-javatra io" - Melody Mason, United in Prayer coordinator, General Conference.

Manasa ny mambra izahay mba hiaraka aminay ao anatin'ny androm-bavaka sy fifadian-kanina ho an'ny fiangonantsika, sy ho an'ireo izay irintsika manokana ny hahita azy hahafantatra an'i Kristy ao anatin'ny fifandraisana tena izy, izay mitarika ho amin'ny famonjena sy ho amin'ny fiainam-panoloran-tena amin'Andriamanitra. Andao isika hiara-mivavaka ho an'ny zanatsika, ny namantsika, ny fianakaviantsika, ny mpiara-monina amintsika, ny mpiara-miasa amintsika, ary ny fiarahamonina misy antsika

### Inona no atao hoe fifadian-kanina?

Mihoatra noho ny tsy fihinanana sakafo ny fifadian-kanina. Tsy ny tsy fanendrena sakafo tokoa mantsy ny tena tiana hasongadina amin'ny fifadian-kanina, fa ny fampitomboana ny vavaka. Ny fifadian-kanina dia fifidianana ny hifady zavatra iray mba hivavahana amim-piniavana sy amim-pifantohana misimisy kokoa. Maro no mifidy ny tsy hanendry sakafo, saingy tsy ny olona rehetra no afaka mifady sakafo amin'ny fahafenoany, ary tsy ny olona

rehetra no mifidy io karazana fifadiana io. Mety hifidy ny hihinana sakafo tsotra kokoa sy maivana kokoa ianao. Na koa mety hifady zavatra iray na roa ianao, toy ny tsindrin-tsakafo na ny sakafo voahodina. Mety voafaoka ao anatin'ny fifadiana koa ny fifadiana ireo tambazotran-tserasera, na ny fahitalavitra, na ireo fahazarana hafa izay mandany fotoana.

Raha mifidy ny hifady sakafo amin'ny fahafenoany ianao (kanefa koa ataovy azo antoka fa misotro rano na ranom-boankazo ampy ianao), dia ampiasao mba hivavahana ny fotoana mahazatra atokanao ho amin'ny fahandroana sy ny fisakafoana. Raha mifady zavatra iray na roa ianao, dia mivavaha isaky ny alaim-panahy hihinana izany zavatra izany ianao. Isaky ny alaim-panahy hijery ireo tambazotran-tserasera ianao, dia mivavaha.

Tsarovy fa tsy miantoka ny famaliana ny vavakao araka izay irinao azy ny fifadian-kanina. Tsy midika velively ny fifadian-kanina fa hihaino antsika tsaratsara kokoa na hamaly soa antsika misimisy kokoa Andriamanitra. Mahakasika izay mitranga ao am-pontsika sy ao an-tsaintsika ny fifadian-kanina. Mahatonga antsika hahita tsara kokoa ny fahalementsika izany, ary mitarika antsika hiankina misimisy kokoa amin'Andriamanitra. Mamorona finiavana hivavaka ny fifadian-kanina, ary mampahatsiahy antsika mba hanonona vavaka mivantana kokoa momba ny zavatra ao am-pontsika lalina indrindra.

Manasa anao izahay mba hivavaka aloha, ka hanontany an'Andriamanitra hoe inona no fifadiana tokony hataonao – inona no asainy hafoinao mba hanokananao fotoana misimisy kokoa iarahanao Aminy ao anatin'ny vavaka?

Rehefa izay dia manasa anao izahay mba hiaraka aminay ao anatin'ny androm-bavaka sy fifadian-kanina, amin'ny maha-fiangonana iray antsika. Eny fa na dia mifidy ny tsy hifady hanina mihitsy aza ianao, dia miaraha aminay ao anatin'ny androm-bavaka. Manokàna fotoana mialoha ny fotoam-pivavahantsika amin'ny Sabata mba hivavahana sy hanasana an'Andriamanitra hanomana ny fo sy ny sainao. Asao Izy mba hampiaiky anao izay fahotana rehetra mijoro eo anelanelanao sy Izy. Ekeo izany ary mibebaha. Mangataha fanadiovana sy fanasitranana ary famelan-keloka. Asao Izy mba haneho aminao ireo olona izay tiany hoentinao amim-bavaka. Ento amin'ny fotoam-bavaka hataontsika amin'ny Sabata folakandro ireo anarana ireo, dia hikambana aminao izahay mba hivavaka ho azy ireo.

Misy olona tsy mahazo aina amin'ny fivavahana amin'ny feo mafy, ka sorohin'izy ireo mafy mihitsy ny fotoam-bavaka iarahan'ny besinimaro. Manasa anao ihany anefa izahay mba hiaraka aminay. Afaka miara-mivavaka mangina aminay ianao, ka hanandratra ireo antom-bavaky ny hafa sy hivavaka ho an'ireo olona sy zavatra ataon'Andriamanitra ao am-ponao. Ary ho an'ireo izay matahotra fandrao tsy "dia tsara loatra" ny fivavak'izy ireo, dia fantaro fa tsy ny tenintsika ihany no henoin'Andriamanitra fa ny fontsika koa. Tsy mitady vavaka "tsara"

Izy, fa mitady mpivavaka tso-po izay mitady Azy marina. Raisiny avokoa na dia ny vavaka miahanahana aza, izay mampihakanakana antsika eo amin'ny tenintsika sy mety tsy ilazantsika izany amin'ny fomba mivantana. Na dia tsy fantatsika aza izay tokony hotononina amim-bavaka, Izy kosa mahafantatra izany. Mandre Izy. Ary manasa antsika Izy mba hiara-mivavaka. "*Ary lazaiko aminareo koa: Raha misy roa aminareo mifanaiky etỳ ambonin'ny tany na amin'inona na amin'inona ka hangataka izany, dia ho azony avy amin'ny Raiko Izay any an-danitra izany*." – Mat. 18:19.

Miandry fatratra izahay ny hiara-mivavaka aminao.